



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavany - Tanindrazana - Fandrosoana

ce 10-05-22
see PV
✓
2
16
Kob



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-190

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAM-
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA
NY TALATA 3 MEY 2022 KA HATRAMIN'NY ALAKAMISY 12 MEY 2022**

Fivoriana Faharoa
Natao ny
Alakamisy 5 Mey 2022
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA:- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré
- Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

FOTOANA: Alakamisy 5 Mey 2022, tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 3 Mey 2022 ka hatramin'ny Alakamisy 12 Mey 2022.

Nitohy ny Alakamisy 5 Mey 2022, tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny fanatontosany ny fiantsoana anarana, Ramatoa Filoha dia niangavy hatrany ny tenany mba hamaky ny famintinana ny Diniky ny Filoha, ka toy izao ny fivakin'izany.

**FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS" NY ALAROBIA
4 MEY 2022**

Nivory ny Alarobia 4 Mey 2022, nanomboka tamin'ny 11 ora sy 45 minitra, atoandro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny «Conférence des Présidents» sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ny Birao Maharitra, ireo Filoham-baomiera sy Filohan'ny Vondrona Parlemantera tonga nanatrika ny fivoriana no nanombohan-dRamatoa Filoha, mpitarika ny fitenenana.

Amin'izao fotoana izao, hoy izy, misy ny fihaonamben'ireo tomponandraikitra ambony ao amin'ny Antoko, any amin'ny Faritra Avaratry ny Nosy, ka nahatonga fialan-tsiny noho izany ny Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy any Antsiranana, Mahajanga ary Toamasina. Ny Filoham-baomiera sasany avy amin'ny Vondrona IRD koa dia nametraka fialan-tsiny.

Novakiana avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alarobia 4 Mey 2022 tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay, niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory, ka ireo datin'andro no nisy nahitsy.

Nolanian'ny «Conférence des Présidents» avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Talata 3 Mey 2022 ka hatramin'ny Alakamisy 12 Mey 2022 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alakamisy 5 Mey 2022 amin'ny 10 ora, maraina, handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

ORDRE DU JOUR

Pour la période du **Mardi 03 Mai 2022** au **Jeudi 12 Mai 2022**

MARDI 03 MAI 2022

11H 00: CEREMONIE D'OUVERTURE DE LA PREMIERE SESSION ORDINAIRE 2022 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE. (*Salle des séances*)

MERCREDI 04 MAI 2022

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent. (*Salle BP*)

11H 30: Conférence des Présidents (*Salle BP*)

JEUDI 05 MAI 2022

10H 00: SEANCE PLENIERE (*Salle des séances*)
-Adoption de l'ordre du jour

LUNDI 09 MAI 2022

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS

-Commission de l'Agriculture et du Développement Rural (*Saisie au fond*)

-Commission Juridique (*Saisie pour avis*)- (*Salle BP*)

-Projet de loi n°020/2021 du 24 novembre 2021 sur l'Agrégation agricole

-Commission des Finances et du Budget (*Saisie au fond*)

-Commission de l'Economie et de la Planification (*Saisie pour avis*)

-Commission de l'Energie et de l'Eau (*Saisie pour avis*)

-Commission des Transports et de la Météorologie (*Saisie pour avis*) - (*Salle des séances*)

-Projet de loi n°026/2021 du 15/12/2021 autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Électrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 29 Novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI).

SEANCES PLENIERES - (Salle des Séances)

MARDI 10 MAI 2022

10H 00: -Projet de loi n°020/2021 du 24 novembre 2021 sur l'Agrégation agricole

15H 00: -Projet de loi n°026/2021 du 15/12/2021 autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Électrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 29 Novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI).

JEUDI 12 MAI 2022

09H 30: Réunion des membres du Bureau Permanent (Salle BP)

MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente
2	RASOLONJATOVO Honoré	Vice-Président
3	RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle	Vice-Président
4	HENRI Jean Michel	Premier Questeur
5	RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera	Deuxième Questeur
6	ANGELE Solange	Rapporteur-Général
7	RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina	Rapporteur Général Adjoint

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
1	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
2	Commission de l'Énergie et de l'Eau	RANDRIAMANAMPISOA Alfred	IRD
3	Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD
4	Commission de l'Économie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todiesoa Manampy	TIM
5	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD

6	Commission des Infrastructures et de l'Equipement	ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina	TIM
7	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche	BAOFENO Micheline	IRD
8	Commission du Genre et du Développement	MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc	GPR
9	Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques	JOHASY Eléonore	GPR

PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES

N°d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS
1	GPR	MILAVONJY Andriasy Philobert
2	TIM	RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA Fetra

Représentant du Gouvernement:

Yamicole Franckline

Taorian'izany, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny mikasika ny Volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory ka niangavy ny Solombavambahoaka izay manan-kambara ny tenany mba hanangan-tàna.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nangataka ny hanemorana ny asam-baomera handinihana ny Volavolan-dalàna laharana faha-020/2021 tamin'ny 24 Novambra 2021, satria tsy ho eto an-toerana ny Filohan'io Vaomera io ny Alatsinainy faha-9 Mey 2022.

Rehefa izany, namaly Ramatoa Filoha, fa manana Filoha Lefitra ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fiompiana, ka afaka mitarika fivoriana raha toa tsy eo ny Filohany.

Nanambara, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, fa tsy eto an-toerana ihany koa ny Filoha Lefitry ny Vaomiera. Nilaza koa ny tenany fa maniry sy mangataka ny hitarihany an'io fivoriana io ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ka aleo andrasana ny fahatongavany.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa ny fivoriambe no manapaka mikasika ny fangatahan'ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fiompiana taorian'izay.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra ny momba izany.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 25 no nanaiky, Solombavambahoaka miisa 5 no nitsipaka, 4 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana ny "Projet de loi n°020/2021 du 24 Novembre 2021 sur l'Agrégation Agricole".

Taorian'izay, maro ny Solombavambahoaka nangataka ny handinihana ny Volavolan-dalàna laharana faha-026/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 "autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement partiel du projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Électrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 29 Novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI)».

Namaly Ramatoa Filoha, fa ny fivoriambe no afaka manapaka mikasika izany fangatahana izany.

Nambarany fa handraisana fanapahan-kevitra ny momba izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 32 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Noho izany, haroso ny Talata 10 Mey 2022, amin'ny 10 ora, maraina, ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-026/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021.

Tsy nisy nanan-kolazaina intsony ny mpivory, ka nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny lahadinika. Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izao fandaniana ny volavolam-pandaharam-potoana izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 45 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 3 Mey 2022 ka hatramin'ny Alakamisy 12 Mey 2022.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha toa manan-kambara.

Fisaorana ny mpivory no nataon-dRamatoa Filoha raha tsy nanan-kambara ny solotenan'ny Governemanta ary nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika amin'ny fanatrehana ny fivoriana ihany koa ny tenany.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka maromaro nangataka satroka ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana izy ireo.

Nangataka ny hanaovana fivoriana mikaton-trano na "huis clos", Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, raha nomena fitenenana.

Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny kosa nangataka ny hanemorana ny fanaovana izany satria vitsy ny Solombavambahoaka tonga manatrika ny fivoriana amin'izao fotoana izao.

Nanamafy ny tokony hanemorana ny “huis clos” kasaina hatao ihany koa, Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred, raha nandray fitenenana satria vitsy ny Solombavambahoaka tonga araka ny voalazan’ny namany teo aloha.

Ramatoa VOLAHAINGO Marie Thérèse indray nanambara, fa maro ny volavolan-dalàna nolaniana teto amin’ny Antenimierampirenena kanefa Solombavambahoaka miisa 15 ihany no tonga nandany azy ireo. Noho izany, nangataka ny hirosoana avy hatrany amin’ny hanaovana fivoriana mikaton-trano ny tenany.

Nilaza, Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice, raha nomena fitenenana, fa tokony hanome daty mazava amin’ny hanaovana izany “huis clos” izany ny Solombavambahoaka mangataka fanemorana.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa VOAHINGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette, fanentanana ny Solombavambahoaka ho tonga maro amin’ny fotoana hanaovana fivoriana mikaton-trano no nataony.

Nilaza Andriamatoa ANDRIANASOLO Jean Nicolas, fa tsy midika ho zavatra ratsy foana ny fanaovana «huis clos» satria misy mivoy an’izany ny Solombavambahoaka hafa, ka tokony hahitsiny ny fomba fijeriny.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore kosa nanambara, fa voasoratra ao anaty Lalàmpanorenana ny fotoana fivorian’ny Solombavambaka ary samy mahalala an’izany ny rehetra. Noho izany, ny fanatrehana ny fivoriana atao ato amin’ny Lapan’ny Antenimierampirenena no zava-dehibe, ka tokony hiroso amin’ny fandinihana ny raharaha mikasika azy ny Solombavambahoaka izay tonga manatrika eto.

Andriamatoa RAMBOASALAMA Emilien, indray nanamafy ny voalazan’ny namany teo aloha, fa tsy voatery ho zavatra ratsy foana rehefa mangataka ny fanaovana “huis clos” ny Solombavambahoaka. Noho izany, niangavy ny hirosoana amin’ny hanatanterahana izany ny tenany.

Nanamarika, Andriamatoa RAMAROSON Bonaventure, fa malalaka ny fanehoan-kevitra eto amin’ny Antenimierampirenena, fa tsy ny mpitarika fivoriana ihany no manapaka izay tokony hatao.

Nambarany koa fa ny Solombavambahoaka no manapaka ary miainga amin’ny tsangan-tànana ny fandraisana fanapahan-kevitra rehetra atao ato amin’ny Lapa.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan, nangataka ny hanaovana ny fivoriana mikaton-trano ny tenany ary nomarihany fa raha tsy hatao izany, mety havadiky ny olona zavatra hafa indray any aoriana, manatrika eto koa ny mpanao gazety ka hiteraka fahafaham-baraka ho an’ny Solombavambahoaka izao miseho izao.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa kosa nangataka ny hirosoana amin’ny fanaovana tsangan-tànana satria izany no ahafahana mamaha ny olona raha ny fandehan-javatra no jerena.

Taorian'izay, nampahatsiahy Ramatoa Filoha, fa ny Andininy faha-62 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no milaza fa rehefa misy mangataka hanao "huis clos", tonga dia tsangan-tànana no atao fa tsy asiana adihevitra lava intsony.

Nanao satroka Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle ary nilaza fa tokony ho ny fiainan'ny vahoaka sy ny fahasaratana andavan'andro no dinihana rehefa hanao an'izany "huis clos" izany ihany ny Solombavambahoaka.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fangatahana ny hanaovana "huis clos" ny mpivory taorian'izay.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 24 no nanaiky; Solombavambahoaka miisa 21 no nitsipaka ary tsy nisy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nomarihan-dRamatoa Filoha koa fa 45 no isan'ny Solombavambahoaka tonga nivory. Raha jerena anefa ny andininy faha-62 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, ny ampahefatry ny Solombavambahoaka no mangataka ny fanaovana "huis clos" vao azo raisin any fangatahana. Solombavambahoaka miisa 24 anefa no nangataka izany; tsy tratra ny fetr'isa; noho izay antony izay, tsy afaka manao "huis clos" ny mpivory.

Nanao satroka Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore ary nilaza fa manomboka manaraka ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ny Solombavambahoaka. Hatramin'ny nanombohan'ny fotoam-piasan'ny Solombavambahoaka tamin'ny taona 2019 anefa, tsy mbola nisy an'izany raha tsy anio. Noho izany, tokony hampiharina amin'ny Solombavambahoaka rehetra ato amin'ny Lapa izay voalaza ao anatin'io Fitsipika Anaty io.

Namaly Ramatoa Filoha, fa tsy atao any anaty "tiroir" fotsiny ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, fa aleo ampiarina amin'ny tokony ho izy. Noho izany, ilaina ny fialan-tsiny ataon'ny Filohan'ny Vaomiera Maharitra sy ny Solombavambahoaka raha tsy tonga manatrika fivoriana izy ireo satria izay no voalazan'ny Fitsipika Anaty.

Nanao satroka Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert ary nilaza fa manamafy ny voalazan-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore teo ny tenany. Misy fotoana ampiarana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, misy ihany koa fotoana tsy anaovana izany. Raha izany no fomba ifampitondrana manomboka izao, tsy maninona fa mety mihitsy izay.

Raha jerena ny andininy faha-24, andalana faha-5 ao amin'ny Fitsipika Anaty dia izao no voalaza ao: «Au début de la première session ordinaire de chaque année, le Premier Questeur chargé du budget, de l'Administration et du personnel présente le compte d'aministration des crédits de l'exercice de l'année précédente à la Commission des Finances et du Budget. Cette commission donne quitus au Questeur de sa gestion ou rend compte à l'Assemblée».

Nandritra ny taona 2020 ka hatramin'ny taona 2022, tsy mbola nisy anefa izany "présentation" nataon'Andriamatoa Kestora Voalohany momba ny fitantanam-bola ato amin'ny Antenimierampirenena izany.

Angatahana ny "validation" avy amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola mikasika ny fitantanana ataon'ny Birao Maharitra momba ny vola ato amin'ny Antenimierampirenena.

Nambarany koa fa manana porofo azo anamarinana ny fomba fiasan'ny Birao Maharitra ny tenany mikasika ny zavatra tsy mety ato amin'ny Antenimierampirenena. Niangavy ny hisian'ny fifampiresahana eo amin'ny Solombavambahoaka sy ny Birao Maharitra ny tenany taorian'izay.

Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle kosa, nanambara fa efa manomboka miakatra ny maripana momba ny adihevitra ary saika mitovy amin'ny "huis clos" ihany izao fivoriana atao izao saingy atrehan'ny mpanao gazety fotsiny. Efa vita anefa ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana kanefa mbola maro ny Solombavambahoaka mandray fitenenana, lasa mivoaka tsikelikely ny zavatra tsy tokony hivoaka. Noho izany, tokony havoaka aloha ny mpanao gazety dia tohizana ny fivoriana satria ny "huis clos" tsy azo avoaka gazety sady tsy atrehan'olon-kafa ihany koa.

Taorian'izay, nilaza Ramatoa Filoha fa mila Solombavambahoaka miisa 38 vao azo raisina ny fangatahana hanao "huis clos" raha ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no jerena. Noho izany, akisaka amin'ny fotoana manaraka ny dinika ambany tafon-trano tokony hatao.

Niato tamin'ny 12 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona